020 24 911 18

CONSEIL DE DÉVELOPPEMENT D'ANDOHATAPENAKA

e-mail: cda@moov.mg

034 17 643 64
034 21 292 91

CDA TETIKASA PBG

DIARY – CDA Oktobra – Novambra 2018

30 0ktobra 2018

Natomboka ny talata 30 Oktobra teo ny andiam-panofanana ireo fikambanana folo handray anjara amin'ilay fifaninanana AIC hanohanana tetikasa. Isan'ny « antso fanairana » efa re sahady tanatin'io fiofanana santatra io ny hetsiky ny mponina nangataka ny hamindrana toerana ny zotran'ilay tetikasa P.I.A. hametrahana lalan-drano ambanin'ny tany hamoahana ny rano maloton'Antananarivo, tsy ho eo amin'ny fefiloha (digue) manamorona ny arabe manandrify ny CDA sy ny Sekoly Victoire Rasoamanarivo Andohatapenaka.

31 Oktobra 2018

Fampihaonana nivantana nokarakarain'ny CDA sy ny fikambanana MOVMA niadian-kevitra momba ny raharaham-pifidianana. Fifanatrehana tamina solontenana mpilatsaka ho fidiana na vondron'olona mpanohana filatsahan-kofidiana. Fifandresen-dahatra hampironana safidy no foto-dresaka. Nisongadina teto, tsy araka ny fiheverana azy andavanandro, ny fahaizan'ireo ho mpandray anjara efa ho zato, tondroina ho mponina « ambany tanàna » sokajiana koa ho « mirefarefa firesaka » mifanakalo hevitra am-panajana anaty fahasamihafana sy ny endri-pifampihantsiana..

07 Novambra 2018

Toa angady tsara hofana ny maro tamin'ireo mpikambana mpitily sy mpisehatra fiainam-piaraha-monin'ny « Cellule de veille » nisehatra andraikitra sy nandray anjara nivantana tamin'ny fampandehanan-draharaham-pifidianana. Saika tafiditra ho isan'ireo mpikamban'ny « Biraom-pifidianana » tany anaty birao fandatsaham-bato tany amin'ireo fokontany miara-miasa amin'ny CDA ny maro tamin'izy ireo iny 07 Novambra iny. Olon'andraikitra tonga amin'ny fotoana nilàna azy.

09 – 10 Novambra 2018

Fanofanana momba ny « Fitondrana tsara tantana ifotony » nomen'ny avy ao amin'ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana ho an'ireo mpikamban'ny Cellules de veille, ny manam-pahefana sy ny Sefo fokontany, nandritra ny roa andro, ny zoma 09 sy ny sabotsy 10 Novambra, teny amin'ny tranon-dry Mompera Karma teny Itaosy. Marihina fa ho setrin'ny hetahetan'ireo Sefo fokontany sy mpikamban'ny Komitim-pokontany naniry hahalala bebe kokoa ity resaka « Fitondrana tsara tantana ifotony » ity no nikarakaran'ny CDA ny fihaonana izay nanasana solontenan'ny mponina isam-pokontany ihany koa. Andiany faharoa tamin'io fiofanana izy ity taorian'ny andiany voalohany notanterahina ny 26 sy 27 Oktobra lasa teo.

13 Novambra 2018

Nanatanteraka hetsika santatra ireo tanora mpisehatra ny tetikasa « Tanora olom-pirenena » avondron'ny CDA ny tolakandron'ny talata 13 Novambra lasa teo. Hetsika nampihaonany ireo tanora 16 taona mihoatra, miisa maherin'ny 70, avy amin'ny faritra iva, hifanatrika sy hitafa taman'olona dimy efa manana traikefan'asa tanaty sehatra ' (salon) naompana tamina lohahevitra hoe « Mon parcours vers la réussite ».

Tanora mpandraharaha ny telo tamin'ireo vahiny dimy, mpiasan'ny sampan-draharahan'ny hetra no fahaefatra ary ny Talen'ny fandraharahana sy ny ara-bola (DAF) avy ao amin'ny CDA no fahadimy. Nahaliana ireo tanora ny hahalala ny zotra sy dingana nolalovan'ireo vahiny ka nahatongavany amin'ny toerany ankehitriny. Dingana tsy nilaozan'olana nefa tsy nipetrahana ho mpitazana na niandrasam-panampiana fotsiny. hisy ny fizarana andian'ny faharoa ny 23 Janoary2019

Nifanindra an-dalana tamin'io hetsika io ihany ny fandalovan'ny fikambanana « CCFD Terre solidaire », mpiara-miombon'antoka amin'ny fanatanterahana ity tetikasa « tanora olom-pirenena » ity ka nampihaonana azy ireo nivantana tamina tanora ihany koa. Fotoana namoahan'ireo tanora ny faniriany, ny kinendriny, ny fandaharan'asany na izay sehatr'asa efa nikatrohany. Nanolotra «maillots» 13 isa hoan'ny tanora ny CCFD mba handrisihana azy ireo hanao fanatanjahan-tena.

14 Novambra 2018

Fihaonana sy fifampizarana traikefa niarahana tamin'ny Fikambanana « Liberty 32 » tao amin'ny foiben-toeran'ny CDA Andohatapenaka ka nitondran'ny mpikamban'ny Cellules de veille ireo « ady sisika » (plaidoyer) efa nikatrohana toy ilay raharaha famokarana tara (goudron) ankalamanjana teny amin'ny faritra Andohatapenaka I. Ny amin'izay traikefany momba ny « Fitondrana tsara tantana sy ny demokrasia » kosa no nampahalalain'ny Fikambanana « Liberty 32 ».

14 Novambra 2018

Fandraisana ara-teknika ilay foto-drafitr'asa nahazoan'ny Fikambanana « Ezaka Andranoambo » loka 5 tapitrisa Ariary tamin'ilay Fifaninanana AIC nokarakarain'ny CDA tamin'ity taona ity izay niompana tamin'ny fametrahana sy fampidirana loharanon'angovo azo havaozina hoenti-manazava trano 70 isa. Ary lalan-kely mirefy 80m, loka fahatelo azon'ny fikambanana Mitsimbina. fokontany Andohatapenaka III avokoa ireo fikambanana ireo.Efa nanomboka ihany koa ny fiofanana ho amin'ny fifaninana faharoa.

Hery ROMEO

TSY ARITRA IFAMPITAIZANA

Lesona hanova inona ?

Re ombieny ombieny indray tato ho ato ireo tsoa-kevitra fanakatra amin-tranga tombanana ho tsy nanjary. « … Mila hovaina mihitsy ny fanaovana politika eto amintsika… » na koa ilay hoe « … Mila mahay maka lesona isika » … Fa nisy tokoa ny « lesoka » ary dia tonga ho azy ny « lesona ».

Nahazo lesona ny fahefana mpanatanteraka fa tsy azo atao amboletra ny raharaham-pifidianana… Nahazo lesona ny fahefana mpanao lalàna fa tsy azo tefy maika sy tery vay manta ny lalàm-pifidianana… Nahazo lesona ny fahefam-pitsarana fa tsy fahefany ny fanapahan-kevitra politika… Nahazo lesona ny mpikarakara fifidianana fa tsy azo atao an-tsirambina ny lisitry ny mpifidy…

Nahazo lesona ny mpilatsaka ho fidiana fa tsy hahombiazana ny manentan-tsy ritra raha mbola tsy masaka ny loha-omby ary tsy azo teren-ko masaka toa voalobo-jaza ny safidim-bahoaka… Nahazo lesona ny mpitondra amperinasa fa miasa jamba rafozana raha tsy mipaka any am-bilaniny ny tsangan'asa… Nahazo lesona ireo mpikamban'ny « vondron'ny aotra-faingo » na ireo hoe « premier tour dia tsy hita » fa tsy fitsinjarana ireo vaton'ny tsy voasoratra, na ny an'ireo voasoratra tsy nifidy, na ny an'ireo nifidy tsy nisafidy na ho nanova inona fa raha heverina an-taratasy ny fitoviam-bintana, tsy hisy hihoatra ny telo isan-jato (3 %) ny anjaran-drery amin'ireo mpizara 36…

Nahazo lesona izay tondroina ho nitarika ny laharam-bokatra fa sarotra (na heverina ho mety hisy aza) ilay hoe « premier tour dia vita » … Nahazo lesona ny vahoaka olom-pirenena fa tsy ampy ny « manan-jo » fa takiana ny « manana andraikitra » manamarina ny fisoratana anaty lisitra amin'ny fotoana isokafan'izany…

… Samy nahazo lesona ; saingy lesona hanova inona ?

Hervé RAKOTOZANANY

Itaosy - 09 Novambra 2018
Mila mipaka marina eny ifotony ny
hoe «Fitondrana tsara tantana»

CDA Andohatapenaka - 14 Novambra 2018 :
Zara traikefan'ny «Soa miampita»
Liberty 32